

FFPM 73 / 1, 3

1 - Indro Zazakely,
Zanak'i Maria,
Tompon'ny anjely,
Nefa nankaty.
Io no Zazalahy,
Zanaky ny Ray,
Tonga mba hitahy :
Izy no anay.

Mihirà, ry tany,
Sy ny mponina eo !
Hafalian-tsy lany,
Manandrata feo !
Jeso no deraina,
Fa Mpanjaka soa,
He ! ny fanjakany
Lehibe tokoa !

TORITENY

(Prédication)

ZAVAMANENO

(Interlude)

ANTSAM-PANAHY

VAOVAO

(Annonces)

RAKITRA

(Offrandes)

FFPM 81 : 1, 2, 4

1 - Tao an-tsahan'i Betlehema.
'Reo mpiandry ondry re,
No vangian'ny Serafima
Sy anjely maro be.
Voninahitra ho an'Andriamanitra.
Ho an'Andriamanitra!
Voninahitra ho an'Andriamanitra.
Amin'ny avo!

2 - 'Njay ny hiran'ny anjely,
'Zay niredona tokoa;
Indro tonga Imanoely,
Zaza masina sy soa.
Voninahitra, ...sns

3 - Ry Mpanjakan'ny
mpanjaka !
Ao, tendreo ny lelako
Mba hitory sy hizaka,
Hampandre ny havako.
Dia tahio ny Teny reny
Tsy ho very hasina,
Ka hamoa zato heny
Ny Baiboly masina.

4 - Voninahitra ao ambony
Ho an'Andriamanitra;
Ka ny hira no redony
Solon-java-manitra.
Voninahitra, sns

FFPM 77 / 3 (FANOLORANA NY RAKITRA)

3 - O! ry androm-pamonjena / Arahaba, hianao !
Olo-marò sesehena / No mifaly aminao.
Avy koa mba hitsena / 'Lay Mpamonjy soa'zahay,
Ka ny fonay no homena / An'i Kristy Havanay !
AMEN!

VAVAKA FISAORANA

(Prière d'Intercession)

HAFATRA sy TSODRANO

(Envoi et benediction)

FFPM 68

1 - Re tokoa ny feon'anjely,
Irak'Andriamanitra ;
He! ny teny mahafaly,
Avy ao an-danitra.
Entiny ny teny tsara,
Ho ety an-tany izao ;
Voninahitra aman-dera,
Tompo, no omena Anao! (in-3)
Voninahitra aman-dera,
Tompo! no omena Anao!

2 - Teraka any Betlehema
Ilay Mpanjaka manan-jo,
Ka misatro-diadema,
Voninahi-tsy ho lo.
Mlisy 'zao ety an-tany
Fihavanana tokoa,
Hafalian-tsy ho lany,
Fitahia-mahasoa. (in-3)
Hafalian-tsy ho lany,
Fitahia-mahasoa.

Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary
Fanahy Masina Izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho
mandrakizay, amen....

(Gloire soit au Père, gloire au Fils, gloire au Saint Esprit! Comme au commencement, aujourd'hui, toujours et d'éternité en éternité! Allez dans la paix du Christ!)

Fiangonana: « Isaorana anie Andriamanitra. »

(Rendons grâce à Dieu!)

FEON-JAVAMANENO

(Postlude)

SOLI DEO GLORIA

Président:	Charles RAKOTONIAINA rakotoniaiac@free.fr	04.91.92.02.33
Vice-président:	Roger RAMIANDRISOA	04.96.12.00.19
Trésoriers:	Auguste RALAIMANARIVO Solange RANAIVOSOA	04 42 58 83 33 04 42 66 93 63
Secrétaires:	Jocelyne RANDRIANARIDERA : Rolande RAMAMONJISOA : Olivia RASOAMANANA (finance): Lanto RASOLOARIJAONA	04.42.54.72.63 04.91.84.68.51 06.34.54.15.83 04.86.12.91.82
Conseiller:	Jeannot RANDRIANANDRASANA	06.62.67.92.79
Pasteur:	jeannot_randrianandrasana@yahoo.fr	

Website: <http://fpmaam.free.fr>

Compte: MAR 17 047 00 Z 029 (La Banque postale)



**Veillée de Noël
Mercredi 24 décembre 2009**



*“dia Io no hanao trano ho an'ny anarako, ary Izaho
kosa hampitoetra ny seza fiandrianan'ny fanjakany ho
mandrakizay.*

*Ce sera lui qui bâtira une maison à mon nom, et
j'affermirai pour toujours le trône de son royaume.*

II Sam 7 / 13

ZAVAMANENO*(Prelude)***FIARAHABANA***(Salutation apostolique)***FIDERANA :***(Louange)*► *larahana mamaky* : **Salamo 98**

MIHIRA FIIHRAM-BAOVAO HO AN'I JEHOVAH / FA EFA NANA FAHAGAGANA IZY / NY TĀNANY ANKAVANANA NO NAHAVITANY FAMONJENA / JEHOVAH EFA NAMPAAHAFANTATRA NY FAMONJENY / TEO IMASON'NY JENTILISA NO NANEHOANY NY FAHAMARINANY / EFA NAHATSIARO NY FAMINDRAMPONY SY NY FAHAMARINANY TAMIN'NY TARANAK'I ISIRAEELY IZY / EFA NAHITA NY FAMONJEN' ANDRIAMANITRA NY VAZAN-TANY REHETRA / MIHOBIA HO AN'I JEHOVAH RY TANY REHETRA / VELOMY NY HOBY / KA MIHIRĀ. MANKALAZĀ AN'I JEHOVAH AMIN'NY LOKANGA SY NY FEO FIIHRANA / AMIN'NY TROMPETRA SY NY FITSOFANA NY ANJOMARA / KA MIHOBIA EO ANTREHAN'I JEHOVAH MPANJAKA / AOKA HIRONDRONONA NY RANOMASINA SY IZAY REHETRA AO AMINY. IZAO REHETRA IZAO SY NY MPONINA EO AMINY / AOKA HITEHA-TANANA NY RIAKA / AOKA HIARA-MIHOBY AMINY KOA NY TENDROMBOHITRA EO ANATREHAN'I JEHOVAH / FA AVY HITSARA NY TANY IZY / HITSARA IZAO REHETRA IZAO AMIN'NY FAHAMARINANA IZY / ARY NY FIRENENA AMIN'NY FAHITSIANA

📖 FFPM 75 / 1 , 3

1 - Andro malaza sady soa tokoa
'Lay andro izay nisehoan'i Jeso;
'Zay nantenain'ny mpaminany koa,
Mba hampiseho fihavanana!
*Mifalia sy mihobia mafy,
Efa tonga ny Mpanavotrao;
Avia, ka miderà; Derao io zaza io;
Hobio, hobio, fa Tompontosika io!*

3 - Dera sy haja no atolotray
Anao ry Jeso 'zay teraka anio!
Ka mba mandraisa ny fanatitray,
Ho zava-mani-pofona tokoa!

*Mifalia, sns***VAVAKA FIHAONANA***(Prière)***FIAIKEN-KELOKA***(Confession des péchés)*

RY RAINAY BE FAMINDRAMPO Ô / MITALAHO AMINAO IZAHAY ; MAMELĀ NY HELOKAY / DIOVY IZAHAY HO AFA-PAHOTANA / SASAO IZAHAY MBA HO AFA-KELOKA / ARY HAVAOZY NY FANAHAHINAY
ARY HAVAOZY NY FANAHAHINAY MBA HO VONON-KANOMPO ANAO / NY FITIAVAN'I JESOA KRISTY ZANAKAO MPAMONJY ANAY NO ANGATAHANAY AMINAO. AMEN.

Ry Andriamanitra Tompo*(Kyrie eleison!)*

Ry Andriamanitra Tompo Ray any an-danitra ô, mamindrà fo aminay / Ry Jesosy Tompo Mpamonjy izao tontolo izao, mamindrà fo aminay / Ry Fanahy Masina Tomponay Mpampionona ô, mamindrà fo aminay !

FAMELAN-KELOKA*(Parole de Grâce)***📖 FFPM 79**

Sambasamba, Zanahary,
Tamy ny nampidinanao
Ny Zanakao, malalanao,
Mba hisolo ny helokay.
Tamy ny nampidinanao
Ny Zanakao, malalanao,
Mba hisolo ny helokay.

FANKALAZANA*(Gloria)*

+ Voninahitra ... *(Gloire à Dieu dans les lieux très hauts!)*
- *Ary fiadanana ho ety ambonin'ny tany amin'ny olona ankasitrahany» (Et paix sur la terre parmi les hommes qu'il agrée!)*

SITRAPON'ANDRIAMANITRA*(Volonté)***SORATRA MASINA***(Lectures bibliques)***📖 FFPM 67 / 1 , 4**

1 - Avia ry mino !
Hifaly sy hihoby,
Avia, avia hankany Betlehema ;
Teraka Jesoa,
Tompon'ny anjely ;
Avia hitsaoka Azy (in-3)
Izay Tomponao!

4 - He, arahaba,
Tonga aty an-tany
Ny Tompo, Mpamonjy sy
Mpanjaka koa,
Tenin'ny Rainy
Teny tonga nofo,
Avia hitsaoka Azy (in-3)
Izay Tomponao!

T. T*(Ancien Testament)***2 Sam****7****1 - 17****📖 FFPM 71 / 1**

1 - Mihainoa! Mihainoa!
Ny feon'anjely sambatra,
Milaza fa vao teraka
Ny Zanak'Andriamanitra;
Mihainoa izao!

Filazantsara*(Évangile)***Luc****2****1 - 5***Isaorana anie ny Tompo noho ny Filazantsara***FANEKEM-PINOANA***(Confession de foi)*

Isika mino an'Andriamanitra Iray, Ray Tsitoha,
Mpanao ny lanitra sy ny tany ary ny zavatra rehetra
na ny hita na ny tsy hita.

Ary an'i Jesoa Kristy Tompo Iray, Zananilahy
Tokan'Andriamanitra nateraky ny Rainy talohan'izao
rehetra izao, ny Mazava avy amin'ny Mazava.

Andriamanitra tokoa avy amin'Andriamanitra,
nateraka fa tsy natao, miray amin'ny Ray amin'ny
zavatra rehetra. Izy no nahariana izao tontolo izao.

Noho ny amintsika olombelona sady ho famonjena
antsika, dia nidina avy tany an-danitra Izy, ary
nataon'ny Fanahy Masina nofo avy tamin'i Maria

Virjiny, dia tonga olona Izy. Nohomboana tamin'ny
hazofijaliana ho fanavotana antsika, tamin'ny
nanapahan'i Pontio Pilato Izy ; nijaly Izy ka nalevina.

Nitsangana tamin'ny maty tamin'ny andro fahatelo
araka izay voasoratra Izy. Niakatra ho any an-danitra
Izy, ary mipetraka ao an-tanana ankavanan'ny Ray ;

avy any no hiaviany indray amin'ny voninahitra
hitsara ny velona sy ny maty, ary mandrakizay ny
fanjakany.

Isika mino ny Fanahy Masina, Tompo sady
mpanome aina. Izay avy amin'ny Ray sy ny Zanak
ka itsaohana sy ankalazaina miaraka amin'ny Ray sy
ny Zanak ; Izy dia niteny tamin'ny vavan'ny
mpaminany.

Isika mino ny Fiangonana Iray, miorina amin'ny
fanambaran'ny Apostoly ary manerana izao tontolo
izao. Isika manaiky ny batisa iray ho famelan-keloka,
sady manantena ny fitsanganan'ny maty, ary ny
fiainana mandrakizay. Amena.